8

# NY FAMENO

## TANJONA

-Mamaritra sy manavaka ny anjara asan'ny teny fameno ao anaty fehezanteny

-Manoratra fehezanteny ahitana anjara asan'ny teny fameno

## LESONA HOTADIDIANA

### 1. Fanamaritana

Ny fameno (F) dia anjara asan'ny teny na andian-teny ka manampy ny hevitry ny enti-milaza (EM) sy lazaina (L).

### 2. Karazany

Misy karazany 2 ny fameno: ny reny fameno sy ny zana-pameno.

| | Ny reny fameno (RF) | Ny zana-pameno (ZP) |
|---|---|---|
| Famaritana | Teny mameno ny hevitry ny EM | Teny mameno ny hevitry ny L na ny hevitry ny F. |
| Toerany ao anaty fehezanteny | Mipetraka mandrakariva eo akaikin'ny EM | Mipetraka mandrakariva eo akaikin'ny L |
| Fanamarihana | Tsy azo foanana | Azo foanana |
| | Azo avadika ho Lazaina ary manova ny endriky ny EM. | Tsy azo avadika ho Lazaina. |
| Ohatra | Manasa lamba i Neny.<br>EM RF L<br>Sasan' i Neny ny lamba.<br>EM RF L | Miteny ny mpampianatra anay.<br>EM L ZP<br>Manoratra taratsy fangatahan'asa i Dada.<br>EM RF ZP L |

### Sahanasa 1

Avaho ny fameno amin'ireto fehezanteny ireto, ka ataovy ao anaty boribory izay RF ary tsipiho izay ZP.

1. Migaina ny masoandron'ny morontsiraka.
2. Nanoratra taratasy fisaorana ny zokiko.
3. Manakaiky ny fialantsasatra lehibe.
4. Sasao ny tanana alohan'ny hisakafo

### Sahanasa 2

Fenoy amin'ny iray amin'ireto ny fehezanteny. Avy eo, lazao raha RF na ZP izany teny izany:

| | |
|---|---|
| a-trondro | e-kajy |
| b- Rakemba | f- ny zaza matory |
| d- midridroka | g- ao amin'ny kilasy fahenina |

1. Mahay ………. ny ankizy …………...
2. Lavitra ny tanànandry …………...
3. Mivarotra …………… ry Doda.
4. Manaitra …………. ny varavaranao ………...

## Sahanasa 3

Amorony fehezanteny ireto teny ireto ka ataovy enti-milaza (EM) ireo ary asio famenony: mandio, mihinana,mianatra, miteny.

Ohatra: Manadio >> Mandio tokontany i Fara.

Mihinana :

………………………………………………………………………………………

Mianatra:

………………………………………………………………………………………

Miteny :

………………………………………………………………………………………

## Sahanasa 4

Amorony fehezanteny ireto teny ireto ka ataovy lazaina (L) ireo ary asio famenony: boky, làlana, fiarakodia, vary.

Ohatra: boky >> Sokafy io boky mena io.

làlana:

………………………………………………………………………………………

fiarakodia:

………………………………………………………………………………………

vary :

………………………………………………………………………………………